## NY TENY FIAINANA

*Koa lazao amin'i Davida mpanompoko hoe: izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Izaho no naka anao avy tany an-tsaha, dia avy tamin'ny niandrasanao ondry, mba ho mpanapaka ny Isiraely oloko.*

***II Samoela 7:8***

"FIBA AFRICA REGIONAL YOUTH CAMP MADAGASCAR"

# Teknisian'ny FIBA sy NBA no hitantana azy




*Ireo teknisiana FIBA sy NBA 4 mirahalahy.*

Teknisian'ny FIBA sy NBA 4 mirahalahy : ny Dr Cheik, Naoufal Uariachi, Joe Tounomou ary i Will Voigt, no hitantana ny "Camp de Basket-ball pour les jeunes" na ny 'Fiba Africa Regional Youth Camp", ho tontosaina eto Madagasikara ao amin'ny amin'ny Palais des Sports Mahamasina, amin'ny 11 ka hatramin'ny 13 ôktôbra 2022 ho avy izao. Mpilalao lahy sy vavy miisa 45 ary mpanazatra miisa 15 avy amin' ny firenena 19 mpikambana ao amin'ny FIBA Afrique des jeunes, no hiatrika an'izany fiofanana izany. Ao amin'ny Radisson Blue Hotel, Antananarivo izay hotely ofisialin'ity hetsika ity, no hampiantrano an'ireo mpandray anjara rehetra miaraka amin'ireo "experts en basketball" ireo. Hiara-hiasa amin'ny Ymagoo , orinasan-tserasera, matihanina eo amin'ny sehatry ny fakana sary ny mpikarakara ity hetsika iraisampirenena "Fiba Africa Regional Youth Camp", hatao eto Antananarivo ity.

**Rainilita**

Classement FIFA – 6 oktobra 2022

# Nahazo laharana miabo 3 i Madagasikara



*Barea U 23 anisan'ny nampiakatra ny toeran'i Madagasikara.*

Nahazo laharana miabo 3 i Madagasikara eo amin' ny "Classement" izay navoakan'ny Fifa eo amin' ny baolina kitra, tamin'ny alakamisy 6 oktobra 2022, fa raha laharana faha- 105 izy teo aloha dia niakatra eo amin'ny laharana faha-102 ankehitriny. Ny vokatra tsara azon'ireo Barea isan-tsokajiny tato ho ato no nahatonga an'io fiakaran'ny toeran'i Madagasikara io. Marihana fa mbola mitana ny laharana voalohany maneran-tany i Brésil manana isa 1841.3, faha-2 i Belgique manana isa 1816.71 ary faha-3 i Argentine manana isa 1773.88. Amin'ny filaharana aty Afrika kosa dia mbola mitarika an'isa lavitra i Sénégal (1. Sénégal (18e au niveau mondial) manana isa 1584.38, faha-2 i Maroc (22e) manana isa 1563.5 ary faha-3 i Tunisie (30e) manana isa 1507.54.

**Rainilita**

Asief « Vainqueur des Coupes 2022 »

# Hanomboka izany anio sabotsy ny volley-ball



*Ekipa Volley-ball Asief.*

Hanomboka ny lalao Asief « Vainqueur des Coupes 2022 » etsy amin'ny kianja LMA Ampefiloha anio sabotsy 08 oktobra 2022, ny taranja volley- ball, ka hanomboka amin'ny 08 ora maraina ny lalao voalohany. Ireo fandaharan-dalao anio : PRM # MEDD, SANTE # SENAT, TOP DOM # PRIMATURE.

**Rainilita**

Can Beach Soccer Mozambique 2022

# Niditra amin'ny fampivondronana omaly zoma



*Barea Beach Soccer teny Isoraka.*

Niditra amin'ny fampivondronana any Mahajanga omaly zoma 7 oktobra 2022, ireo mpilalaon'ny Barea Beach Soccer miisa 20, alohan'ny hihazoana an'i Mozambique. Ao anatin'izany no ahafantarana an'ireo mpilalao 12 ho voatazona handrafitra ny ekipam-pirenena. Nanome teny fankaherezana sy anatra hiatrehana ny fampivondronana ho an'ireo mpilalao teny amin'ny foiben'ny FMF teny Isoraka tamin'ny alakamisy 16 oktobra 2022 Andriamatoa Alexandre Lay Mein, filohan'ny Commission Beach Soccer sady mpikambana eo amin'ny Kômity mpanatanteraky ny FMF.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Beignets-na baranjely indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana taolan-trondro ao an-tenda

Fomba fanalana taolan-trondro ao an-tenda indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireto avy no azo atao amin'izany:

- Mihinana menaka oliva 2 sotro.
- Mihinana jus de citron asiana sira kely.
- Misotro rano asiana vinaigre de cidre.
- Mihinana akondro.
- Mihinana mofo ampiarahana amin'ny rano.
- Misotro coca.
- Misotro rano be.
- Mandeha dokotera raha sanatria tsy afaka amin'ireo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Anosibe An'ala any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Anosibe An'ala any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'Anosibe An'Ala ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Ratsy dia ratsy ny lalana mampitohy an'i Moramanga amin'ity tanànan'Anosibe An'Ala ity. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny akondro, ny manga, ny letchi. Vokatra any koa ny kafe.

